

LOHAHEVITRA

- Mahafantatra ny teknikan'ny famintinan-dahatsoratra ary mahay mintrandraka ny hevi-dehibe misongadina ao amin'ny lahatsoratra iray

LESONA HO TADIDINA

Famaritana:

Ny famintinan-dahatsoratra dia lahatsoratra iray lava fa nohafohezina ho tonga fehezanteny roa na telo raha kely indrindra ary efatra hatramin'ny dimy raha be indrindra, ka mahalaza ireo hevi-dehibe raketin'ny lahatsoratra.

Ny fomba fiasa

- Vakina tsara ny lahatsoratra (in 4 na in 5).
- Tadiavina ny fizarana lehiben'ny lahatsoratra (drafitry ny lahatsoratra)
- Fintinina ny hevitra voalaza isan'andinin'ny (renihevitra).
- Atambatra ireo fehezanteny azo.
- Takarina ny teny manan-danja ao amin'ny fehezan-teny.
- Atao amin'izay ny famintinana ka tsy maintsy alahatra araka ny fizotran'ny lahatsoratra izany.

Fepetra amin'ny famintinan-dahatsoratra

- Tsy azo atao ny mamerinany fehezanteny na andian-teny avy ao amin'ny lahatsoratra, afa tsy ny foto-dresaka
- Fehezanteny vaovao noforonina niainga avy amin'ny famintinana

ny hevitra tian'ny isam-pizarana avoitra no atao sy ampiasaina.

- Tsy azo atao ny manova ny hevitra ny mpanoratra.
- Hajaina ny halavan'ny famintinana takina.

Fanamarihana

Ny famintinan-dahattsoratra dia tsy ahitana teny fampidirana sy teny famaranana

Sahanasa 1

Lahatsoratra

Ny hazo voaroy ihany no hazo voangaly. Angaliko ianao raha tia ahy ; fa raha tsy tia ahy ianao, mba tofoka aho ; ary raha manova ianao mba afoiko ; fa ny “fitia mifamaly mahatsara fihavanana”. Aza boraborahana ny fihavanana fa ny “fihavanana tahaka ny voara, ka raha vakina, misy vitsika”. Manaova toy ny maso sy orona ka iray alahelo. Koa raha soa, miara-tsoa, ary raha ory, miara-mitondra. Fanehoan'ny Ntaolo ny fifankatiavana sy fihavanana ireo. Ary mbola maro ireo Malagasy mbola mandala ny fihavanana.

KANEFA,

Rehefa tonga ny fandrosoana dia samy manana ny olona iarahana mahazatra azy ny tsirairay: olona mitovy fisainana, mitovy fihariana, mitovy firehan-kevitra, mitovy lafin-kavana, mitovy finoana, mitovy asa, mitovy sekoly, mitovy fari-piainana, mitovy fahendrena, mitovy hadalana. Adidy amin'ny mpiara-monina no tsy maintsy atao fa raha azo nialana izany dia nidifiana ihany.

Rehefa tonga ny fandrosoana dia samy miady mafy amin'ny fiainana ary samy miezaka hanana ny tsaratsara kokoa. Misy ny mifanampy, misy ny mifaninana. Mety daholo izany fa ny tanjona

dia hanatsara fari-piainana. Mijanona ho fombafomba ihany ny fifampiarahabana, ny fifanatsafana, matetika vita arahaba dia samy milanjalanja ny lohany.

Fa rehefa tonga ihany koa ny fandrosoana, miova manaraka ny fiainana iainana ny dikan'ny fihavanana:

- matetika mivadika hoe : tiavo ny namananao hihinananao ny hamaminy.
- matetika mitsimbadika hoe : aleo very tsikalakalam-pihavanana toa izay very tsikalakalam-bola.
- matetika mihamafy ny hoe : havako raha misy patsa, fa raha lany ny patsa havan-tetezina.
- matetika fihatsaram-belatsihy sisa no anaovana ny adidy (voatery asaina na olona mahasosotra aza raha tena tsy azo ialana ; raha azo ialana moa dia vitaina amin'ny tsikitsiky fotsiny ; voatery vangiana ihany koa raha misy fahoriana fa tsy dia hoe avy amin'ny fo no hidododoana).

Ka rehefa atao ny kajy dia mihalefy ny fomba malagasy sy ny fandalàna ny fihavanana nony nisy ny fandrosoana. Tsy hoe tsy hita izay maharatsy azy fa lasa tsy dia laharam-pahamehana intsony fotsiny.

Raha misy ny disadisa eo amin'ny antokon'olona roa, dia azo atao mihitsy ny tsy mifanasa raha misy fifaliana. Tsy mahataitra ny manodidina na tsy voaasa aza ianao, tsy misy tohina amin'izany akory. Tsy manisy resaka akory ny fiarahamonina rehefa misy voailika fa tsy nasaina. Zary lasa fiainana mahazatra izany satria fifaliana sy fahasoavana tsinona. Azo tsy iaraha-mizaka iny.

Raha misy ny disadisa eo amin'ny antokon'olona roa, dia tsy maintsy ampandrenesina daholo ny tapaka sy namana tsy ankanavaka raha misy fahoriana. Mahataitra ny manodidina raha tsy midododo ianao ilay azo tsy nasaina tamin'ny fifaliana. Mahataitra ny manodidina raha tsy voantso ianao, tsy misy manodidina tsy tohina amin'izany. Manisy resa-be ny fiarahamonina raha misy tsy azo ailika sy asaina.

Zary lasa fiainana mahazatra izany satria fahoriana tsinona. Tsy maintsy iaraha-mizaka.

Tsy araham-pihatsarambelatsihy ny fihavanana, raha tsy izany dia aleo apetraka an-tsisiny izy aloha dia aleo samy maka ho azy toa ny tandrefana.

Fanontaniana:

- 1- Vakio ara izay azo atao hahazoana ny hevitra tiana ampitaina ny lahatsoratra
- 2- Farito ny fizarana ho andininy ny lahatsoratra
- 3- Andramo omena lohateny ny fizarana tsirairay
- 4- Mamorona fehezanteny iray avy isaky ny andininy maneho ny hevi-dehibe voiziny
- 5- Manaova famintinana ny lahatsoratra izay tsy mihoatra ny fehezanteny efatra.